



Fiaraha-mivavaka Zoma 24 Aprily 2020

Mpitandrina: E.Charles Rakotondramanana

Lohahevitra: Ny vavaka fiderana (la prière de louange)

Fiarahabana

Hira: **Antoko Mpihira**

Andriamanitra no miantso antsika sy miteny amintsika: Isaia 55.6-7
"Mitadiava an'i Jehovah dieny mbola hita Izy; Miantsoa Azy dieny mbola akaiky Izy.

Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny lalany, ary ny tsy marina hahafoy ny heviny. Ary aoka hiverina amin'i Jehovah ireny, fa hamindrafo aminy Izy,

Eny ho amin'Andriamanintsika, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy".

Vavaka

Hira FFPM 539: 1, 2, 3

Fampidirana: Ny anjara toeran'ny fiderana amn'ny vavaka

Vakiteny 1: Salamo 145.1-3

Hanandratra Anao aho ry Andriamanitro Mpanjaka ô, sy hankalaza ny anaranao mandraikazy doria.

Hankalaza anao isanandro aho, sy hidera ny anaranao mandrakizay doria.

Lehibe Jehovah ka tokony hoderaina indrindra, ary tsy takatry ny saina ny fahalehibiazany.

Fanazavana fohy

Hira 23: 1

Vavaka isan-tokantrano:

- Fiderana sy Fisaorana an'Andriamanitra noho ny haben'ny heriny sy ny fahamasinany.
- Fiderana an'Andriamanitra sady Masina no Fitiavana, naneho izany tamin'ny namoronany izao tontolo izao.
- Fiderana noho ny fitiavana lehibe indrindra dia ny nanolorany ny Zanany ho Avotra hisolo antsika.

Vavaka mpitandrina

Vakiteny 2: Salamo 145.4-7

Ny taranakao rehetra samy hidera ny asanao amin'ny mandimby azy, sy hanambara ny asanao lehibe.

Ny lazan'ny voninahitry ny fiandriananao sy ny asanao mahagaga no hosainintsainiko . Ny herin'ny asanao mahatahotra no hotenenin'ny olona; ary ny fahalehibeazanao no holazaiko. Hanonona ny fahatsiarovana ny haben'ny fahatsaranao izy, sy hihoby ny fahamarinanao.

Fanazavana fohy

Hira 23: 3

Vavaka isan-tokantrano

- Mangataka amin'ny Tompo hitoetra mandrakariva ao amin'ny fitiavany: hanjaka sy nahanapaka ao tokantrano izany Fitiavana izany: Fifandefarana, Fifanajana, Fifanohanana, Fifamelana.
- Amin'ny fifandraisan'ny mpianakavy amin'ny manodidina. Fitiavana miorina amin'ny soatoavina kristiana: Fifanajana, fifandefarana sy fifamelan-keloka, fifanampiana.
- Vavaka mba ho ny fitiavana sy ny fiombonana ho hitarafana hatrany vahoakan'Andriamanitra sy ny mpitondra FPMA.

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 3: Salamo 145.8-9, 14-19

Mamindrafo sy miantra Jehovah, mahari-po sady be famindram-po lzy.

Manisy soa izao tontolo izao Jehovah, ary ny fiantrany dia eny amin'ny asany rehetra.

...Jehovah manohana izay rehetra ho lavo, sy mampitraka izay rehetra mitanondrika.

Ny mason'izao rehetra izao mindrandra Anao, ary Hianao manome azy ny haniny amin'ny fotoany..

Manokatra ny tãnanao Hianao ka mahavoky soa ny zava-miaina rehetra.

Marina Jehovah amin'ny lalany rehetra, sady mamindrafo amin'ny asany rehetra.

Jehovah eo akaikin'izay rehetra miantso Azy, dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa.

Fanazavana fohy

Hira 23: 5

Vavaka isan-tokantrano:

- Ny valan'aretina (covid-19): ny mpitsabo, ny marary, ny confinement

- Mivavaka ho an'ireo marary hafa sy azom-pahoriana.

- Ho an'ny firenena rehetra, indrindra Madagasikara sy Frantsa.

Vavaky ny mpitandrina, faranana amin'ny "Rainay izay any andanitra".

Teny fandravonana

Hira 36

Hafatra

Tso-drano